# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 21/10/2023 hatramin'ny 28/10/2023**

- **SAKAIZA** (Antohamadinika) 034 92 159 03/032 12 002 03
- **ANALAKELY** (En face Tahala Rarihasina) 020 22 236 81/ 033 90 338 34 / 034 48 788 96
- **MANJAKARAY** (Lot II D Ter Manjakaray) 020 22 456 78/032 12 456 78
- **TANA** (Antsahavola) 020 22 207 17/033 05 207 17/034 05 207 17/032 05 207 17
- **MAHASOAVA** (Près BNI Antsakaviro) 020 22 329 85/034 14 525 52

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:

Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 076 00

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1486-10-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**ANDROM-PIRENENA HO AN'NY VARIKA**

## Ho marihana ny zoma 27 oktobra ho avy izao any Maromizaha



*Varika, anisan'ny harena voajanahary mampiasaka an'i Madagasikara.*

Homarihana ny zoma 27 oktobra ho avy izao ny androm-pirenen'ny varika eto Madagasikara. Any Maromizaha Andasibe distrikan'i Moramanga faritra Alaotra Mangoro, no hisian'ny ivon'ny fankalazana, fa samy hankalaza izany ny faritra maro manerana ny Nosy: avy any avaratra ka hatrany atsimo, avy any atsinanana ka hatrany andrefana. Harena voajanahary mampiavaka an'i Madagasikara, ka mila arovana, ao anatin'ny hetsika ho fiarovana azy ireny, no anisan'ny anton' ny hetsika ara-tontolo iainana toy izao. Handray anjara amin'izany ireo fikambanana samihafa mpiaro ny tontolo iainana: biby sy zava-maniry eto amintsika, na miankina na tsy miankina amin'ny fanjakana, ireo sampan-draharaham-panjakana momba ny tontolo iainana, ireo vondron'olona ifotony, eny hatramin'ny olon-tsotra dia hanana ny anjara toerany amin'izao androm-pirenen'ny varika izao. Ankoatra ny maha harem-pirenena azy, mampiroborobo ny sehatry ny fizahantany sy ny fikarohana koa ny fananana ny varika.

**Aly**

Mpanohana ny hetsiky ny kandidà 11

## Nosamborina avy eo navotsotra i Jork

Anisan'ny mpanohana ny hetsiky ny vondron'ny kandidà any amin'ny faritra i Jork, ilay mpamokatra sy mpilalao sarimihetsika Malagasy. Izy no anisan'ny mitarika ny hetsiky ny vondron'ny kandidà any Arivonimamo faritr'Itasy. Nosamborin'ny herim-pamoretana i Jork Imbilaya omaly tany amin'ny renivohitry ny faritra Imamo, rehefa naneho hevitra mahakasika ny hery famoretana . Nandohalika ny tenany ary nifona, mba havela haneho hevitra malalaka mialoha izao nisamborana azy izao. Ny vaovao farany no nahalalana fa efa navotsotr'ireo mpitandro filaminana any antoerana i Jork, satria tsy nanaiky izao fisamborana azy izao ireo vahoaka nanaraka azy. Ho fiadina ny tsy rariny eto amin'ny firenena, sy itakiana ny hisian'ny fifidianana madio sy eken'ny rehetra, dia nitohy ny hetsika ny olompirenena manohana ny vondrona Kandidà 11 tao Arivonimamo. Tokony ho tamin'ny 9 ora sy sasany maraina dia efa vory lanona ny olona hanao hetsika ampilaminana, saingy ny mpitandro filaminana izay notarihin'ny lehiben'ny distrika no efa nihàtrana teo amin'ny Travaux Arivonimamo. Niroso ny fifampiresahana saingy tsy navelan'ireo mpitandro filaminana nidina tany an- tsena ny olona. Niezaka nitalaho mba hanao fanehoan-kevitra malalaka ny olona, saingy nosamborin'ireo mpitandro filaminana i Jork. Nosavoritahan'ny olona ka navotsotr'ireo mpitandro filaminana ihany. Niroso ihany ny fifanazavana, ka tamin'ny 11 ora sy 50 minitra dia vaky ny barazy voalohany, Nidina nihazo ny toerana misy ny tsena ny olona saingy nisy indray ny barazy faharoa. Faritra maro eto amin'ny Nosy arak'izany ankehitriny no efa manaraka ny tolona ataon'ireo vondron'ny kandidà.

**Niaina**



*I Jork, nitarika ny hetsiky ny vondron'ny kandidà 11 tany Arivonimamo.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 447**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0446)

| *Mitsivalana* | | *Mitsangana* | |
|---|---|---|---|
| - Pasitora | - Tsia | - Peratra | - OO – OM |
| - Eka – Zo (miv) | - Ravoravo | - Moka (miv) – Ad(y) | - Tatatra |
| - Romotra | - Adama – IV | - Sambava | - Sa |
| - Amboa | | | - Roa – Ivy |
| | | | - Az – Voay (miv) |

### TENY MIFANAPAKA N° 447




**Mitsivalana**

**1.** Mpitondra firenena fahiny **2.** Sahala (miv) – Fiarakodia **3.** Mpiarabelona taloha – Hita amin'ny laoka **4.** Azo amin'ny voaloboka – Fitaovan'ny mpanjono **5.** Anelanelan'ny boky – Harena sy fitiavana izay dimbiasina – Anaty rano **6.** Mampisafidy – Vorona **7.** Hazandrano **8.** Vatana – Loza mitranga (miv) **9.** Fanontaniana – Faran-teny **10.** Atao eny ivelany – Aro moka

**Mitsangana**

**A.** Mitsoaka, mihazakazaka miafina **B.** Simba **D.** Karazana valizy vy (miv) – Androany **E.** Karazana anana (miv) **F.** Ao amin'ny Baiboly – Ekena **G.** Voaray – Eny amin'ny lanitra eny **H.** Tampisaka – Karazana zava-maniry **I.** Matoanteny – Renirano **J.** Fonenan'ny mpanjaka – Teny mandrara **K.** Tsy mahatazana – Hita ao amin'ny fery

### Valiny Teny mifanaraka 0446

**Mitsivalana**

**1**. Fanampiana **2**. Ana - Ri **3**. Famaranana **4**. Ombiasy - IV **5**. Hao - Ra - Fay **6**. Alamina - KM **7**. Zoro - Aroa **8**. Anikeo - Aty **9**. Nanao - Otra **10**. Ar - Naato (miv)

**Mitsangana**

**A** Fifohazana **B**. Amalona **D**. Namboarina **E**. Anay - Mokar(y) **F**. Marary - Eo **G**. Asanao **H**. Inri (miv) - Ar(etina) - To (miv) **I**. Aia - Atao (miv) **J**. Niakatra **K**. Mivaha (miv) - Nay (miv)